

CC 07-12-21  
LSE PV  
✓  
PV 170  
BOL A  
J6



REPOBLIKAN'I MADAGASKARA  
Fianarantsoa - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANOAVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-170

FANOLORANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-018/2021  
MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA, TAONA 2022

Fivoriana Faha-12  
Natao ny  
Alakamisy 18 Novambra 2021  
- Atoandro -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPIANTSORATRA:** - Ramatoa RAKOTOANGA Lantoarivola Sedera  
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

**FOTOANA:** Alakamisy 18 Novambra 2021, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fanolorana amin'ny ankapobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 momba ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, taona 2022.

- 1 -

**- Fitohizan'ny fivoriana -**

**Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivorantsika.

Manolotra ny arahaba ho antsika Solombavambahoaka namana manatrika izao fivoriambe izao.

Miarahaba, torak'izay ihany koa, an-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ireo teknisiana miara-dia aminy.

Alohan'ny hirosoana amin'ny votoatin-drahahaha, iangaviana ny Mpitantsoratra hanamarika ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka.

- 2 -

**- Fiantsoana anarana -**

**Ramatoa RAKOTOANGA Lantoarivola Sedera**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba anao, Ramatoa Minisitra sy ireo mpiara-miasa aminao.

Miarahaba ny Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriana izao ihany koa.

Araka ny mahazatra, samy manonona ny laharany avy ny Solombavambahoaka tsirairay.

AFAKANDRO Alphonse

.....

.....

.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

## **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Mpitantsoratra isika tamin'ny fiantsoana ny anarana nataony teo.

Ny fandaharam-potoanantsika izao atoandron'ny Alakamisy 18 Novambra 2021 izao dia fivoriambe hanolorana amin'ny ankabobeny ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 momba ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, taona 2022, izay hataondRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Izany fanolorana amin'ny ankabobeny izany dia natao mba hanampy antsika amin'ny famakiana sy hahazoantsika ireo fotokevi-dehibe nentina nandrafitra ny volavolan-dalàna mikasika ny tetibola.

Ny hatao izao dia hihaino an-dRamatoa Minisitra hanazava ny momba izany. Mbola tsy miditra amin'ny antsipiriany na amin'ny adihevitra ankabobeny isika satria mbola handalo asam-baomiera ity volavolan-dalàna ity.

Manararaotra miarahaba anao, Ramatoa Minisitra, izahay satria izao ianao vao miditra voalohany eto amin'ity lapa ity taorian'ny nahavoatendry anao ho Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Mirary soa hoa anao hahatontosa antsakany sy andavany ny adidy lehibe iantsorohanao.

Marina fa efa nandeha teto ianao, saingy mbola tsy nisahana ny asa maha Minisitra anao.

Miangavy anao, Ramatoa Minisitra, handray ny fitenenana hanolorano an'ity volavolan-dalàna ity ho fanazavana azy; ny sasiny no hataonao alohan'ny hirotsahanay amin'ny asam-boamiera.

Miangavy anao hanatona ety anoloana.

- Tehaka -

- 3 -

## **- Fanolorana ny volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 -**

### **Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**

Misaotra betsaka, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;

Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Bira Maharitry ny Antenimierampirenena; Ianareo Filohan'ny Vondrona Parlemantera rehetra manatrika eto;

Ramatoa sy Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera eto anivon'ny Antenimierampirenena;

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka rehetra hajaina.

Tompokolahy sy Tompokovavy, faly miarahaba anareo.

Ampanetren-tena no ijoroanay manoloana anareo amin'izao andro anio izao. Mitondra sahady ny teny firarian-tsoa izahay eto ampiandohana mba hisikina fahasalamana hatrany isika rehetra hoentina miatrika ny asa mavesatra iarahana mitantsoroka eto, mba ho lavitry ny rofy isika ao anatin'ny adidy tsy kilalao ary indrindra ho lavitry ny valan'aretina mampididoza "covid-19 ity izay miverina mandripaka olona maro amin'izao fotoana izao.

Atomboka amin'ny fanentanana hitandremana ny fahasalamana ny fotoanantsika androany satria hihaona matetika eto isika. Hiezaka hahatsiaro sy hitandrina ny fepetra rehetra takian'ny fiarovan-tena amin'ny valan'aretina raha azo atao.

Tsy zoviana aminareo intsony izahay, fa ireo no teknisiana rehetra avy ao amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Ny tenako no tsy afaka mijoro amin'ny maha teknisiana raha izay no nahafantaranareo ahy taloha satria efa misalotra ny satroka mpanao politika ankehitriny satria tsy misy Minisitra tsy manao politika rehefa mpikambana ao anaty Governemanta.

- Tehaka -

Amin'ny anaran'ny Governemanta no ijoroako manoloana anareo manolotra ny volavolan-dalàna mikasika ny tetibolam-panjakana taona 2022 mba ho fananjana ny andininy faha-92 ao amin'ny Lalàmpanorenan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Manomboka anio hariva ka hatramin'ny Alatsinainy no hatao ny adihevitra lalina momba ny votoatiny rehetra ao anatin'io LFI 2022 io. Hanazava tsirairay avy any amin'ny Vaomiera misahana ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola avokoa ireo Tale Jeneraly rehetra ka afaka mametraka fanontaniana ianareo Solombavambahoaka mandritry ny asam-baomiera. Hifarana amin'ny fivoriambe azon'ny besinimaro atrehina ny fotoanantsika aorian'izay. Amin'ny Talata 23 Novambra 2021 no hanaovantsika ny fivoriambe raha ny daty voarainay. Eo indray isika no miverina eto, afaka mametraka ny fanontaniana rehetra rehefa avy mihaino ny tatity ny famakafakana nataon'ny vaomiera ihany koa.

Raha tsiahivina, efa nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny faha-27 Oktobra 2021 lasa teo ity volavolan-dalàna atolotra eto ity. Noho izany, mirakitra ny laharam-pahamehana napetraky ny fitondram-panjana izao volavolan-dalàna izao.

Ny tenako izay mijoro manohana azy dia amin'ny alalan'ny Governemanta ary ny fanapahan-kevitra rehetra hitantsika ao anatin'ny dia fanapahan-kevitry ny Governemanta, fa tsy anolontokana na anolom-bitsy. Mbola hoentiko hazavaina amin'ny manaraka ny lalana nodiaviana tamin'ny nandrafetana azy ity.

Ho an'ny taona 2022 manokana, ireto avy ny fototra iorenan'ny vina ara-tsosialy sy aratoekarena ao anatin'ity volavolan-dalàna ity.

Voalohany, ny fahataperan'ny hamehana ara-pahasalamana tamin'ny volana Septambra taona 2021 ity. Mamelona indray ny fanantenana hiroboroboan'ny toekarena amin'ny alalan'ny fiverenan'ireo sehatrasa maro, ny fisokafan'ny fizahan-tany, ny fanatanterahana ireo tetikasa maro, toy ny fanamboaran-dalana, ny fanatsarana ny sehatry ny angovo, ny tetikasa fanohanana ny industria Malagasy. Mbola ho hitantsika amin'ny fanazavana ho avy eo izany.

Manaraka izany, anisan'ny niorenan'ity volavolan-dalàna ity koa ny fitsinjovana manokana ireo faritra arovana any atsimon'ny Nosy izay misedra tsy fanjarian-tsakafo na ny kere nandrity ny taona maro nifanesy, ka ezahana hitondrana vahaolana ao anatin'ny tetibolam-panjakana amin'ny taona manaraka.

Ny fanohizana ireo fanavaozana efa natomboka, indrindra ny fidirana tsikelikely amin'ny haitao ara-kajy mirindra eo anivon'ny Minisitera isan-tsokajiny dia hanamarika koa ny taona 2022.

Manarak'izay, ny mampiavaka ity volavolan-dalàna ity dia ny fanomezan-danja ny sehatra sosialy mba ho fanohanana ireo olona iharan'ny voka-dratsin'ny valan'aretina "covid-19". Raha 345 miliara ariary no totalin'ny tetibola ara-tsosialy tamin'ny taona 2021; tafiditra tao ny sehatry ny fanabeazana, ny fahasalamana ary ny rano, amin'ity volavolan-dalàna aroso eto amintsika ity, mitotaly 713 miliara ariary izany. Niainga teo amin'ny 345 isika ka tonga eo amin'ny 713 miliara ariary.

Raha ny sehatra amin'ny fampianarana ambony sy ny fampianarana ara-teknika kosa, niaina teo amin'ny 156 miliara ariary no fitambarany tamin'ny taona 2021 lasa 177 miliara ariary izany amin'ny taona 2022.

Iarahana mahita ny olana maro atrehan'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony amin'ny resaka vatsim-pianarana. koa ao anatin'ity volavolan-dalàna momba ny tetibolam-panjakana, taona 2022 ity; eo amin'ny vatsim-pianarana, niakatra 259% no vola napetraka ao amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana ambony hikarakarana izany.

Tsy hadino koa ny nandray ny olana tamin'ny tsy fahampianan'ny tetibola eto anivon'ny Antenimierampirenena nandrity ny taona 2021. Hitantsika tao, raha 54 miliara ariary no tetibolan'ny Antenimierampirenena ny taona 2021, amin'ny taona 2022 kosa, lasa 99 miliara Ariary izany.

- Tehaka -

Hitantsika amin'ny fiakaran'ny tetibola, taona 2022 koa ny fampisondrotana ny "dotation" ho an'ny CSB; ahitana fiakarana hatramin'ny 128% izany. Mba ahafahana miatrika izany rehetra izany, tsy maintsy manatsara ny fidiram-bola ihany koa isika.

Mitovy amin'ny ao atokan-trano ihany izany; raha manana vinavina te-hanatanteraka asa, tsy maintsy manomboka manatsara ny fidiram-bola ao atokan-trano aloha; ohatran'izay koa i Madagasikaratsika no trano be. Manana vina isika momba ny fanatanterahana ny asa ao anatin'y; noho izany, mila hatsaraina ny fidiram-bola ahafahana manao ny asa.

Ankoatra ny fidiram-bola azontsika tamin'ny alalan'ny mpiara-miombon'antoka; iarahantsika manatsara koa ny vola miditra azo avy amin'ny hetra.

Raha ny harin-karena kosa no asian-teny, azo vinavinaina taorian'ny fandinhana nataon'ny manam-pahaizana momba izany, fa hiafangana ny fitomboana, ka hatratra 5,4% izany amin'ny taona 2022 raha toa 3,4% amin'ny faran'ity taona 2021 ity.

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;

Ramatoa sy Andriamatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena; Ianareo Filohan'ny Vondrona Parlemantera rehetra manatrika eto;

Ramatoa sy Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera eto anivon'ny Antenimierampirenena;

Ramatoa sy Andriamatoa Solombavambahoaka rehetra hajaina.

Toy izay raha fehezina ny zava-dehibe hita ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy fitantanam-bolam-panjakana, taona 2022.

Mitodika aminareo manokana izahay ankehitriny; efa eny am-pelan-tànananareo ny atontan-kevitra sy atontan-taratasy rehetra mifanaraka amin'izany Volavolan-dalàna izany. Ny andininy rehetra voarakitra ao dia nodinohana sy narafitra tao anaty fitsonjovana ny tombotsoan'ny vahoaka Malagasy. Nisy ady koa momba ny fanajana ny "orthodoxie financière" mba hametrahantsika ny atao hoe "bonne gouvernance". Adidinay no mitandro izany amin'ny maha tomponandraikitra voalohany amin'ny fitantanana ny volam-bahoaka anay.

Ampanetren-tena tanteraka no itodihana aminareo Solombavambahoaka satria ianareo no mahalala izay maharary ny vahoaka; nametrahan'ny vahoaka fitokisana araka ny traikefa anananareo ary araka ny fahefana napetraky ny Lalàmpanorenena taminareo. Nanao izay azo natao ny teknisiana; nezahana hisokatra arak'izay tratra ny famolavolana an'ity volavolan-dalàna ity. Apetraka aminareo ny fandalinana azy ary vonona izahay ny hitondra fanazavana fanampiny sy hiady hevitra raha ilaina mandritry ny asam-boamiera.

Inoana fa hizotra ao anaty fifanajana sy firalahahiana tanteraka ny dinidinika hatao amin'izany; indrindra, hitondra vokatsoa ho an'ny firenena sy ny mpiara-belona amintsika izay rehetra tapaka aorian'izany.

Mamelà ahy ianareo hanolotra amintsika ny fandravonana ireo voalazan'ny votoatin'ny volavolan-dalàna.

Marihana fa fandravonana ihany izao anjarako voalohany izao, fa ny asam-boamiera no hahitana ny votoatiny rehetra.

Hitatsinka eo amin'ny "slid"; araka voalazako teo, fa efa lany tao amin'ny Filankevity ny Minisitra tamin'ny faha-27 Oktobra 2021 ny volavolan-dalàna aroso eto amintsika izao. Manaja ny endriky ny Governemanta vaovao nijoro tamin'ny volana Aogositra taona 2021 ity volavolan-dalàna ity. Ahitana Minisitera vaovao miisa efatra, "Vice-Minisitère" miisa telo ary Sekreteram-panjakana vaovao iray ao anatiny.

Ho hitantsika fa mamarotra ny lala-tsaina nandrafetana ity volavolan-dalàna ity koa ny fahataperan'ny hamehana ara-pahasalamana.

Nanaovana «conférence des gouverneurs» koa ny Governora tamin'ny volana Septembre 2021 teo. Nidina tany amin'ny 300 latsaka tany no isan'ny vinavina rehefa naravona niaraka tamin'ireo Governora izany.

Ankoatran'izay, tsy hadino koa ny "colloque régional pour l'émergence du Sud" niarahana tamin'ny Filohampirenena natao tany amin'ny Faritra Atsimo tamin'ny volana Jona 2021; hita taratra ato anatin'ny tetibola taona 2022 koa izay.

Tsy hadino koa ny nanaja ny "engagements" nataontsika teo amin'ny sehatra iraisampirenena. Raha nahazo DTS mitentina 1300 miliara isika tamin'ity taona ity, ny 1100 miliara amin'izay no hampiasaintsika amin'ny taona 2022. Ny ambiny kosa any amin'ny taona 2023.

Anisan'ny tanjona ihany koa ny hanatratrana ny "niveau des dépenses sociales" efa noresahako teo hoe niakatra be ny «dépenses sociales»-ntsika tamin'ity taona ity.

Farany, ny fanatsarana ny "déficit primaire" izay efa nianantsika nandritra ny taona maro nifanesy.

Raha fehezina tsotsoatra ny “grand projet” ao anatin’ny PLFI 2022 ity dia anisian’ny hita taratra ao ny “investissement” ho an’ny “émergence” sy ny “promesse Présidentielle” izay hotanterahina mandritra ny taona 2022.

Eo amin’ny sehatry ny fahasalamana, ahitana fanamboarana CSB sy hopitaly maro ao anatin’ity tetibola, taona 2022 ity. Ahitana fampidirana mpiasa maro eo anivon’ny fahasalamana ary hanatsarana ny “plateau technique” eny anivon’ny hopitaly efa misy.

Eo amin’ny lafiny fanabeazana, hitohy ny fanamboarana sekoly marobe satria anisany lohalaharantsika eto Madagasikara ny sekoly. Ao anatin’izay ny “recrutement” hatao eo anivon’ny fampianarana.

Eo amin’ny sehatry ny rano, efa rentsika ombieny ombieny fa hisy ny tetikasa fanamboara “pipeline” lehibe any amin’ny Faritra Atsimo. Ato anatin’ity tetibola, taona 2022 ity koa ny fanatanterahana an’izay.

Hividy “camion de forage” maro koa isika hapetraka any Atsimo, mba tsy hiandry orinasa hafa isika hanatanteraka ny asa, fa isika efa manana “camion” ary hanatanteraka ny asa any amin’ny Faritra Atsimo.

- Tehaka -

Anisan’izany ihany koa ny fametrahana orinasa fanamboarana “tuyau” mba tsy hividianantsika izany any ivelany indray.

Eo amin’ny lafiny fanatanjahan-tena, anisan’ny fampanantenana nataon’ny Filohampirenena ny fananganana ny “académie des sports”. Zava-dehibe ho an’ny tanorantsika ny fananana izany satria miaro ny fiandrianam-pirenena ny “sportif” no sady lalana iray mba tsy hivarinana amin’ny fomba fiaianana hafahafa.

Eo amin’ny sehatry ny “productif”, hisy “mise en place de centre frigorifique” maromaro hataantsika. Hisy koa fividianana sambo ho an’ny mpanjono.

Ao koa ny fananganana tsenan’omby manara-penitra.

Hita ao ihany koa ny fanohzana ny tetikasa «titre vert»; ny fanohzana ny resaka “puce” ho an’hy omby; ny ODOF ho an’ny Distrika; ny fividianana “canadaire” sy «hélicoptère» ho an’ny “luttre antiacridienne”.

Ho an’ny sehatry ny “infrastructure”, efa irahana mahalala fa nanomboka ny “processus” amin’ny fametrahana ny “train urbain”, mitohy izany ato anatin’ity tetibola, taona 2022 ity.

Maro ny “projet routier” ato anatin’ny tetibola, taona 2022 ary azo idirana lalina izany ao amin’ny asam-baomiera. Misy koa ny fanamboarana “centrales électriques hybrides” ao anatin’ny tetibola, taona 2022.

Mikasika ny “administration du territoire”, tazana ato ny PIP izay efa fahitantsika isan-taona momba ny Governora; ao koa ny volan’ny CIAD, ny volan’ny FDL.

Hita ato ihany koa ny fividianana fiara ho an'ny "pompier". Tsy voasoratra eto, fa holazaiko amin'ny fampiakarana ny "subvention" ho an'ny Kaominina mba ho fampandrosoana ny Faritra rehetra.

- Tehaka -

Misy koa ny fotodraftrasa efa natomboka tamin'ity taona ity, ka hotohizana amin'ny taona 2022. Anisan'izany ny "flyover", ny "nouvelle ville TANAMASOANDRO ary ny "périmètre irrigué" sahanin'ny Minisiteran'ny Fambolena.

Ireto manaraka ireto dia azo lazaina fa fepetra manokana ato anatin'ny volavolan-dalàna momba ny tetibola, taona 2022.

Voalohany, notazonina tsy hohoatra ny 380 miliara ariary ny vola fanampiana ho an'ny JIRAMA ary efa tafiditra ao anatin'izay ny "consommation"-n'ny fanjakana momba ny jiro sy rano.

Anisan'ny hita, efa noresahako teo ny "recrutement" maro be amin'ny taona 2022. Miisa 22 914 ny "postes budgétaires" amin'ny taona 2022. Ny 20 791 amin'izay dia ao amin'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka, ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana ary ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena.

Hitantsika koa ny vola mitentina 200 miliara ariary izay entina hanaovana «garantie» momba ny fanafarana PPN. Ny antony mahatonga antsika manafatra PPN dia mba ahafahana mifehy ny fiakaran'ny vidiny. Amin'ity tetibola, taona 2022 ity no mitondra izay vahaolana eo amin'ny lafiny PPN izay isika.

Ny «mesure spéciale» farany dia mikasika ny «Nouveau Projet d'Emergence». Arakaraka ny fanapahan-kevitra ao amin'ny Filankevity ny Minisitra no mamaritana azy. Mitentina eo amin'ny 107 miliara ariary eo ny vola natokana ho amin'izany.

Mikasika ny «équilibre général»-n'ny tetibola, taona 2022 kosa, eo amin'ny lafiny «recette», hisy fiakarana kely eo amin'ny 1.1% eo ny "taux de pression fiscale". Hisy fiakarana mitovitovy amin'izay ihany koa ny «dépense», eo amin'ny 1.1% eo raha oharina tamin'ny taona 2021.

Ahitana fiakarana koa ny «dépenses de personnel» ato anatin'ity volavolan-dalàna ity. Misy fiakarana mazava ho azy koa ny «dépenses d'investissement» satria anisan'ny «plan de relance économique»-ntsika ny fanaovana fotodraftrasa maro. Ny «fonctionnement» kosa, miezaka mamehy tena ny «Administration» mba hampidinana izany.

Raha resaka «déficite», nahitana fihenenana izany. Raha ohatra -6,6% tamin'ny taona 2021, lasa -6,1% izany amin'ny taona 2022.

Ny «déficit primaire» kosa nihatsara; raha -2,5% tamin'ny taona 2021, lasa -1,3% izany amin'ny taona 2022.

Toy izao no endriky ny fizaran'ny «dépenses» arakaraka ny «secteurs».

Amin'ny sisiny ankavia, ahitana ny fizarana tamin'ny LFR, taona 2021. Raha miohatra ny totalin'ny tetibola; ireo isan-jato hitantsika ireo no lohalaharana ao anatin'ny tetibola.

Ho an'ny LFI taona 2022, ny 18%-n'ny vola hampiasaintsika dia ho an'ny «secteur administratif».

Ho an'ny "secteur de sécurité et administration du territoire", 14%-n'ny totaliben'ny tetibolantsika no atokana ho amin'izany. Ny «secteur productif» kosa, 12%, ny «secteur infrasctructure» dia 23% ary ny «secteur social», efa noteneniko teo hoe izay no lohalaharana amin'ity taona 2022 ity. Izy no mitana ny ampahany be indrindra ao anatin'ny «budget»; 33%-n'ny tetibolantsika amin'ny taona 2022 izany.

Toy izy sy toy izay, no fehiny sy fanazavana momba ny volavolan-dalàna mikasika ny tetibola, taona 2022, atolotra hiadiana hevitra androany.

Mankasitraka, Tompokolahy,  
Misaotra indrindra, Tompokovavy.

- Tehaka -

### **Ramatoa FILOHA**

Isaorantsika, Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin'ny famelabelarana nataony teo. Famelabelarana tsotra, fohy kanefa mazava.

Araka ny nambara tamintsika teny ampiandohana, fanazavana amin'ny akapobeny no atao izao maraina izao. Izany hoe, mbola tsy tokony hisy adihevitra amin'ny antsipiriany. Marihana fa mbola handalo asam-baomiera manomboka androany tolak'andro ny mikasika ity volavonal-dalàna mifehy ny tetibola ity ary hitohy mandrapahatongan'ny herinandro ambony. Koa ohatry ny fanokafam-bavony no nataon-dRamatoa Minisitra teo satria any amin'ny vaomiera no tena hiadiana hevitra amin'ny antsipiriany.

Koa manolotra fisaorana anao izahay, Ramatoa Minisitra, mpikambana ao amin'ny Governemanta sy ny teknisiana rehetra tamin'ny famintinana natao tamin'ity volavolan-dalàna hifehy ny tetibola, taona 2022 ity.

Raha toa misy manana hambara, hisy fanontaniana roa na telo farafahabetsany mikasika ny "caractère général" dia omena fitenenana. Roa na telo hoy aho, fa any amin'ny vaomiera, satria ny teknisiana rehetra ao amin'ny vaomiera na Ramatoa Minisitra, koa aza raha misy fahafahany dia hanaraka ny asam-baomiera.

Afaka mamonjy ny toeranao ianao, Ramatoa Minisitra, satria hisy fanontaniana roa na telo ihany farafahabetsany hapetraka aminao.

- Tehaka -

Angamba samy mieritreritra sy hanakotsako isika. Misy fanontaniana. Ny Solombavambahoaka voafidy tao Analalava, Andriamatoa DJAOSERA Irenée, ny Solombavambahoaka voafidy tao Ampanihy, Andriamatoa IDEALSON ary ny Solombavambahoaka voafidy tao Soavinandriana Itasy, Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa.

- 4 -

**- Fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka -**

**Andriamatoa DJAOSERA Irenée**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Miarahaba an-dRamatoa Minisitra sy ny teknisiana, nanao an'ny fanazavana fohy, tsotra, mazava teo iny.

Tsy hametraka fanontaniana, satria mazava ny voalaza teo; mbola ho avy ny fivoriana amin'ny "commission" hametrahana fanontaniana.

Ny fomba fiasa amin'ny ankapobeny, tsy vao ianao ihany, Ramatoa Minisitra, no nanaovako ity fanamarihana ity, fa efa Minisitra efatra. Ireny fizarana hoe izao isan-jato ho an'ny sosialy, izao isan-jato ho an'ny «Administration». Sosokevitra ny ahy, satria fijerena ny soa ho an'ny vahoaka no nanaovana an'ireny. Miangavy izahay raha azo atao, amin'ny fivoriana arapotoana voalohany, amin'ny volana Mey, mba mivory miaraka amin'ny Solombavambahoaka ianareo, manao «proposition» hoe izao no eritrerity ny vahoaka. Iny no entinareo mandrafitra ny vola amin'ny ankapobeny. Izay no sosokevitra mba tiana omena hanatsarana ary hanamorana ihany koa ny fandaniana ny «Loi de Finances» amin'ny manaraka.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra, Ramatoa Minisitra.

**Ramatoa FILOHA**

Isaorana ny Solombavambahoakan'Analalava, tamin'izay fandraisam-pitenenana izay.

Mandray fitenenana manaraka ny Solombavambahoakan'Ampanihy Ouest.

**Andriamatoa IDEALSON**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra, Ramatoa Minisitra.

Ramatoa Filoha;

Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra; Ramatoa Minisitra sy ny teknisiana rehetra miaraka aminy;

Isika Solombavambahoaka, hajaina isany.

Salama Tompokovavy, salama Tompokovavy.

Tsy fanontaniana, fa efa mazava tsara ny hitondrantsika ny adihevitra any anaty asam-baomiera ary entanina ny rehetra mba hanatrika izany mba ahafahana mipaka tsara any amin'ny tena hifaharan'izao tetibola, taona 2022 izao. Ny arosoko avy hatrany dia tsy hidoka angamba, fa izay vao tena hita na mbola tsy namaky aza, tena nazava ny nitondrana azy teo; raha nifampibitsibitsika ny Solombavambahoaka rehetra teo; na ny endrika na ny fanazava azy, nahita koa ny mpanao gazety, fa niavaka mihitsy izany.

- Tehaka -

Efa nambara teo koa ary izay no nandrasantsika solotenan'ny vahoaka, ny lafiny sosialy izay nomena vahana kokoa. Ny zavatra andrasana amitsika dia ahoana no ahatsapan'ny tsirairay hoe tena ampiharina ny tetibolam-panjakana. Lehibe tokoa ny hitaterana an'izay, indrindra ny Solombavambahoaka avy any atsimo.

Ramatoa Minisitra, ianareo Teknisiana, ny tiana hampitaina dia ny fampiharana sy famehezana ary hamaritana ny atao hoe any atsimo. Matetika ny any atsimo dia avy ao Anosy; mijanona ao Androy, fa tsy tonga any Atsimo Andrefana. Tafiditra ve ny any Atsimo Atsinanana. Mila faritantsika aloha Izay, satria raha voasoratra tato anatin'ny tetibola izay; iza avy no afaka mirehareha hoe: izahay no any atsimo, fa raha ny zavatra nampiharina hatramin'izay, mbola samy manana ny famaritany ny atao hoe any atsimo daholo isika.

Fanatsarana ity tetibola ity no mahatonga an'izay fanamarihana kely avy amiko izay. Afapo dia afapo raha ny nanoloran-dRamatoa Minisitra azy teo ary mino izahay, fa tsy ho diso fanantenana ny rehetra rehefa mandeha ny adihevitra any amin'ny asam-baomiera.

Misaotra Tompoko.

#### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra ny Solombavambahoakan'Ampanihy Ouest isika tamin'izay fandraisana fitenenana izay.

Mandray fitenenana farany ny Solombavambahoakan'Itasy, Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa.

#### **Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa**

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Ramatoa Minisitra miaraka amin'ny teknisiana izay manatrika eto, isika Solombavambahoaka rehetra. Miarahaba antsika rehetra, Tompoko.

Mankasitraka fa tena tsotra, fohy, mazava ary mbola tsy nahita ohatran'ireny izahay, tena asa avy hatrany mihitsy. Mankasitraka, indrindra Tompoko.

Misaotra koa amin'ny fanajanareo ny fahatongavana, fa tsy misy Solombavambahoaka nimenomenona intsony hoe tara ny fahatongavan'ny volavolan-dalàna teto aminay. Afaka mamaky tsara ara-potoana izahay; afaka miasa tsara izahay, tsy misy mimenomenona intsony angamba any amin'ny haino aman-jery hoe tara, elabe vao tonga, fa voahajanareo ny fe-potoana.

Mankasitraka fa tena vehivavy mahafinaritra tokoa ianao, Ramatoa Minisitra.

Misaotra Tompoko.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

#### **Ramatoa FILOHA**

Ankasitrahana ny Solombavambahoaka avy any Soavinandriana-Itasy tamin'ny fandraisany fitenenana teo.

Ramatoa Minisitra, averina aminao aloha ny fitenenana raha manan-kambara tamin'ny fandraisam-pitenenan'ireo Solombavambahoaka telo mianadahy teo ianao.

- 5 -

**- Valin-tenin-dRamatoa Minisitra -**

**Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**  
Misaotra, Ramatoa Filoha, namerina ny fitenenana.

Ramatoa Filoha, isika rehetra ato anaty efitrano; ny fandraisam-pitenenan'ireo Solombavambahoaka telo farany teo dia tsy nisy fanontaniana, fa fanamarihana amin'ny ankabopeny; ka ankasitrahana tokoa satria ny teny nentinareo teo dia teny fankasitrahana avokoa. Mazava fa ezaka no nataonay tato amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola na ny nitondrana ny volavolan-dalàna momba ny tetibola tamin'ny fotoana voafaritry ny lalàna na ny nitondrana ny fanazavana mikasika azy tamin'ny fomba tsotra sy tsy nanahirana ny nanaraka azy. Fisaorana no atolotray anareo, Ramatoa Filoha, tahaka izany koa ianareo Solombavambahoaka, hajaina, fa nampiseho fahavonona koa izahay hitondra ny valin-teny rehetra amin'ny fanontaniana hapetrakareo mandritry ny asam-baomiera.

Misaotra Tompoko.

**Ramatoa FILOHA**

Mankasitraka anao, Ramatoa Minisitra, tamin'izay fandraisanao fitenenana izay.

- 6 -

**- Fiatoan'ny favoriana -**

**Ramatoa FILOHA**

Alohan'ny hiatohan'ny favorantsika, tiako ny mampahafantatra antsika, fa androany tolak'andro, amin'ny 3 ora, hivory ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 mikasika ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana, taona 2022, hatao ao amin'ny "Salle BP". Ny Alatsinainy 22 Novambra 2021 kosa, hisy ny asam-baomiera mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-006-2021/PR tamin'ny 15 Novambra 2021 "portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur la société Marbre et Granite de Madagascar" MAGRAMA izay atolotry ny Solombavambahoaka, voafidy tao Ambatofinandrahana, RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena sy ireo mpiara-dia aminy. Koa manentana antsika samy havitrika amin'ny fanatrehana ireo asam-baomiera ireo.

Misaotra antsika rehetra.

Miato hatreto ny favorantsika.

Niato tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny favoriana.

